Mars 2013 - n°25 - Isaky ny telo volana

# NY FEON'NY MPIOMPY TRONDRO

## La Voix des (rizi)pisciculteurs

## LVRP

Trimestrielle

## SASINTENY


Ry mpamaky hajaina,
Fifaliana hatrany ho anay ny manolotra anareo ny laharana vaovao faha-25n'ny LVRP. Nanitatra ny sahan'asany amin'ny fiompiana trondro ny foibem-paritra misahana ny fanjarian-tsakafo. Manamafy izany indrindra ny ao amin'ny ORN Vakinankaratra izay soloin'Atoa Rajaonarivony Julien tena, izay milaza ny fandraisan'izy bireo anjara mavitrika amin'izany asa izany izy, mpandrindram-paritra. Tahaka izay ihany koa ny avy ao amin'ny ORN Alaotra Mangoro izay maneho amintsika ny hetsika vao nataony tsy ela mikasika ny fiompiana trondro ihany ka mampandray anjara mivantana ny manam-pahefana tompon'andraikitra eo an-toerana.
Hohitanao ato ihany koa ny karazam-panohanana ataon'ny CSA amin'ny famaliana ny hetahetan'ny vondron'ny mpiompy trondro. Ohatra amin'izany ny fikarakarana ny barazy.
Misy ny fikarohana hahafahanareo mahazo tilapia be vata. Tohanan'ny FRDA ara-bola ny fikarohana ka na mpiompy ianao na mpihinana dia inoana fa samy miandrandra ny vokatr'izany !
Fa tsy adino koa ianareo mpiompy karpa : manazava tsara Atoa Amédé ao amin'ny pejy faha-telo fa azo atao tsara ary amporisihany aza ny fiompiana karpa any amin'i Faritra Atsinanana raha mbola vitsy izany ankehitriny. Tsy araky ny eritreretina fa tena afa-po izy amin'ny vokatra. Betsaka ny sakana mpahazo ny mpiompy tsy ahafahana mahazo ny vokatra andrandraina. Natao hampiely ny fiompiana trondro anefa ny mpiompy trondro fitaratra na eo aza izany. Misy ohatra entina amintsika mikasika ny fomba hoentin'ireny mpiompy fitaratra ireny hiatrehana ny zava-misy ao amin'ny pejy fahadimy.

*Mazotoa àry mamaky !*
*Ny ekipa LVRP*

## EDITORIAL

Chers lectrices et lecteurs,
Nous sommes comme toujours heureux de vous offrir ce 25è numéro de LVRP. Vous pourrez lire dans les pages qui suivent que les offices régionaux de la Nutrition ont étendu leurs actions sur la pisciculture. Nous avons d'ailleurs l'honneur d'avoir Mr. Rajaonarivony Julien, le Coordonnateur régional de l'ORN pour la Région Vakinankaratra, qui nous parle de leur implication dans cette filière. L'ORN Alaotra Mangoro nous rapporte également les nouvelles approches qu'elle a adoptées pour les appuis en pisciculture, en impliquant notamment les autorités locales.
Vous verrez les réponses du CSA de l'Isandra à la demande des groupements de pisciculteurs sur les infrastructures.
Les adeptes de tilapia de grosse taille seront servis dans ce numéro, car plusieurs pistes de recherche sont en cours d'expérimentation, avec l'appui financier du FRDA. Producteurs ou consommateurs, cela devrait vous intéresser !
Les carpiculteurs ne seront bien sûr pas oubliés : M.Amédé encourage cette activité dans la Région Atsinanana. Vous verrez tous ses conseils à la page 3. Contrairement à ce qu'on peut croire, il en sort totalement satisfait.
Devant les contraintes rencontrées sur le terrain, les pisciculteurs relais jouent leur rôle en tant que diffuseur des techniques piscicoles. Un exemple du Moyen Ouest illustre cette capacité d'adaptation selon les situations à la page 5.

*Bonne lecture à toutes et à tous !*
***La Rédaction LVRP***




## SOMMAIRE

• **INTERVIEW :**
**M. JULIEN RAJAONARIVONY, COORDONNATEUR DE L'ORN VAKINANKARATRA** **P.2**
• **PARTAGE :**
**LA CARPICULTURE À TOAMASINA** **P.3**
• **PARTENARIAT :**
**RÉHABILITATION D'UN BARRAGE POUR AUGMENTER LES PRODUITS DONT CEUX ISSUS DE LA PISCICULTURE** **P.8**

## LES PARTENAIRES FINANCIERS

AFD
La Fondation SEED
Région Basse Normandie
Région AQUITAINE
Fondation Lord Michelham of Hellingly

Toerana fanontana : creacom - Tél : 44 498 45 - Ambohimena Antsirabe - Natonta ny : marsa 2013 - 1 100 isa - 1 100 exemplaires - Voapetraka ara-dalàna :aprily 2013

*Isaorana manokana Andriamatoa RAJAONARIVONY Julien Bernard nanaiky ho vahinin'ny gazety LVRP. Samy miandrandra ny fanjarian-tsakafo ireo asa roa dia ny fanatsarana ny ara-tsakafo ilain'ny vatana sy ny fanamaroana isa ny trondro fihinana. Misy noho izay ny fifamenoana ka izany indrindra no tafatafa entina ho antsika mpamaky eto.*

**LVRP: Afaka ampafantarinao anay fohifohy ve ny momba anao Tompoko?**

R.J.: RAJAONARIVONY Julien Bernard no anarako. Mpandrindra ny Foibem-paritra ho an'ny Fanjariantsakafo eto VAKINANKARATRA ny tenako nanomboka ny volana septambra 2008.

**LVRP: Inona moa ny asa iandraiketan'ny O.N.N. sy ny O.R.N.?**

R.J.: Ny "ONN : Office National de Nutrition" na Foibem-pirenena hoan'ny Fanjariantsakafo dia misahana ny fandrindrana marolafy ireo tetik'asa sy sehatr'asa mifandraika amin'ny fanjariantsakafo eto Madagasikara . Manatanteraka ny politikam-pirenena amin'ny ady atao amin'ny tsy fanjarian-tsakafo no andraikiny ka ny Fiadidiana ny Praiminisitra no miahy azy.
Ny "Office Regional de Nutrition na ORN Vakinankaratra" indray dia Foibem-paritra ho an'ny Fanjariantsakafo eto VAKINANKARATRA. Ratsa-mangaika mpanatanteraky ny ONN eto anivon'ny Faritra Vakinankaratra arak' izany ny ORN Vakinankaratra.
Ny Tsy fanjarian-tsakafo dia vokatry ny tsy fahampiana eo amin'ny habetsahana sy ny hatsaran'ny sakafo ary ireo singa mpamelona (toy ny vit.A – Ioda - vy…) ilain'ny vatana amin'ny fitombony sy ny fiatrehany ny aretina.

**LVRP: Nisy ny fanapahan-kevitra hiasa amin'ny trondro miaraka amin'ny APDRA. Inona re no antony?**

R.J.: Raha tsiahivina ny antony nampisy ny fiaraha-miasa teo amin'ny roatonta dia samy nahatsapa ny maha-zava-dehibe ny tokony hihinanana sakafo be protida izay ilain'ny vatan'olombelona. Indrindra moa fa ny ORN dia miasa eny anivon'ny vondron'olona ifotony mahita sy mahatsapa fa anisan'ny antony mahatonga ny tsy fanjarian-tsakafo eo amin'ny zaza dia ny tsy fanomezan'ny Ray aman-dreny ny zanany ireo karazana sakafo mitondra ny hery fanorenana ilain'ny fitombon'ny zaza toy ny voamaina isan-karazany izany na hazandrano isan-karazany…
Azo lazaina izany fa mitovy ny fomba fijery teto ary afaka mifameno ny asa izay ho tanterahana; Ny ORN manentana ny olona hihinana hazandrano sy harisika hiompy trondro ary ny APDRA manana ny fahaiza-manao amin'ny tekinikan'ny fiompiana trondro na an-tanimbary na anaty dobo.

**LVRP: Araka ny hevitrao, inona no afaka andrasana amin'io fiaraha-miasa io eo amin'ireo mpahazo tombotsoa?**

R.J.: Raha izay ny tarigetra iombonana ao anatin'ny fiaraha-miasa amin'ny roa tonta dia misy zavatra andrasana telo lehibe ho an'ireo mpahazo tombotsoa:
Voalohany dia ny fahafahana manatsara ny toe-pahavelomana ara-tsakafon'ny zaza sy ny fianakaviana manontolo amin'ny alalan'ny fihinana ny trondro izay vokatra eo;
Faharoa dia ny fanatsarana ny antoka ara-tsakafo eo amin'ny tokantrano mpahazo tombotsoa. Satria ankoatrin' ny trondro azo eo amin'ny fotoam-pijinjana dia antenaina fa hisy ihany koa ny fiatsaran'ny voka-bary raha tena nanaraka ny tekinikam-pamokarana; Ny fanamasahana atao mandritry ny fiompiana ny trondro ao an-tanimbary dia mitondra ihany koa zezika ka hahatsara kokoa ny vokatra vary miakatra.
Fahatelo dia ny fanatsarana ny fidirambolan'ny mpahazo tombotsoa. Raha betsaka ny toeram-pamokarana nataony dia afaka ny hanana ambimbava izy ka hivarotra izany ahafahany manatsara ny fari-piainany.

**LVRP: Misy soso-kevitra ho fanatsarana ve raha tsapa tokoa ny fiantraikan'ny fihinana trondro eo amin'ny zaza sahanin'ny toby ?**

R.J.: Vao natomboka moa ity fiaraha-miasa ity dia efa andrasana sahady ny vokatra ho azo ato anatin'ny volana vitsivitsy, ny fanatontosana ny asa rehetra nandritra izay fotoana izany anefa dia efa nahitana fihatsarana hatrany. Ka ny azo ho lazaina sahady dia ny fanitarana sy fampitomboana ny isan'ny mpahazo tombotsoa ho amin'ny taom-pamokarana manaraka na eo anivon'ny fokontany efa miompy na ho amin'ireo sity PNNC/toby Sekalina manodidina ka manana fahavononana. Manaraka izany dia ny fidirana sahady amin'ny famokarana zana-trondro mba ahafahana mamatsy ny manodidina. Ho an'ny ORN Vakinankaratra manokana dia hisy ny famporisihana ireo mpikatroka eny ifotony ny mba hikaroka fomba fandrahoana trondro maromaro mba ahafana manovaova ny fomba fahandro ary hampianatra izany an'ny renin-jaza manatona ny sity PNNC Secaline.



*Nous remercions la participation de Monsieur RAJAONARIVONY Julien Bernard dans ce nouveau numéro de La Voix des (Rizi)pisciculteurs. Intervenir sur la qualité nutrionnelle et l'amélioration de l'accès aux poissons convergent vers le même objectif de sécurité alimentaire. A ce titre, cet interview met en évidence cette complémentarité.*

**LVRP: Pouvez-vous vous présenter?**

R.J.: Je me nomme RAJAONARIVONY Julien Bernard. Je suis le Coordonnateur de l'Office de la nutrition de la Région Vakinankaratra depuis le mois de Septembre 2008.

**LVRP: Quels sont les rôles de l'O.N.N. et de l'O.R.N.?**

R.J.: L'"ONN : Office National de Nutrition" se veut être un cadre pour assurer la synergie des interventions relatives à la nutrition. Elles sont nombreuses et multisectorielles aux différentes politiques de développement social et économique pour la sécurité alimentaire. C'est un programme régis par la Primature.
L'"Office Régional de Nutrition ou ORN Vakinankaratra" est par ailleurs l'office de la nutrition dans le Vakinankaratra. C'est une branche régionale exécutive de l'ONN dans la Région.
L'insuffisance nutritionnelle est l'effet du manque de quantité et de qualité de la nourriture ainsi que les oligo éléments (vitamines, iodes, fer, …) que le corps humain a besoin pour la croissance et la résistance aux maladies.

**LVRP: Pourquoi avez-vous décidé de travailler sur le poisson avec l'APDRA?**

R.J.: Le partenariat entre les deux structures se base sur le même constat de l'importance de la consommation de la nourriture à haute teneur en protide. Dans l'intervention de l'ORN au niveau des groupements de producteurs de base, la carence en protéine est souvent palpable chez les familles qui ne s'habituent pas à avoir des régimes alimentaires protéiniques utiles à la croissance des enfants. Il s'agit des différentes sortes de légumineuses et les produits halieutiques…
On peut dire que l'ORN et l'APDRA ont les mêmes valeurs à défendre. Travailler ensemble n'est alors que complémentarité. L'ORN sensibilise les populations vulnérables à manger du poisson et l'APDRA a les compétences nécessaires dans les techniques de production de poisson, que ce soit en rizière ou en étang.

**LVRP: Qu'attendez-vous concrètement de cette collaboration pour les bénéficiaires ?**

R.J.: Vu la convergence d'opinion sur les objectifs, nous pouvons espérer trois types de résultats en faveur des bénéficiaires :
- D'abord, il y aura une meilleure capacité d'améliorer la qualité alimentaire des enfants et leurs familles en consommant les poissons produits;
-Ensuite, le fait de produire des poissons pourra faire progresser leurs bases alimentaires. En effet, outre les poissons récoltés lors de la récolte, l'apport en fertilisation permet d'augmenter significativement la production en riz.
-Enfin, la collaboration favorisera une meilleure qualité de vie des familles productrices. Si la famille a plusieurs parcelles empoissonnées, elle aura un surplus de production. Elle pourra vendre ce qu'elle n'arrive pas à consommer. Le gain à la vente permettra d'améliorer le revenu des familles bénéficiaires de l'appui.

**LVRP: Auriez-vous d'autres perspectives si des impacts s'avèrent positifs au niveau des sites de nutrition à travers la consommation de poissons ?**

R.J.: Dès le début du partenariat, nous avons prévu des résultats positifs d'ici quelques mois d'élevage. L'avancement des activités avec ce qu'on voit sur le terrain le confirme peu à peu. Nous pouvons d'ores et déjà envisager d'étendre et de multiplier le nombre de bénéficiaires pour la prochaine campagne d'élevage. Ce sera valable autant pour les fokontany déjà bénéficiaires de l'appui en pisciculture que pour les sites PNNC Secaline environnants reconnus motivés. Le projet de produire des alevins sera également à considérer afin de pouvoir en fournir convenablement. Particulièrement pour ORN Vakinankaratra, il y aura une action d'encouragement des bénéficiaires de base dans la recherche de plusieurs recettes à base de poissons afin de pouvoir varier le menu. C'est une formation culinaire destinée aux mères de familles membres des sites PNNC Secaline.

**ATSINANANA**

## NY FIOMPIANA KARPA AO TOAMASINA

Amédé
Pisciculteur

*I Amédé dia mpiompy trondro ao Vohitrambato, Fokontany iray eo amin'ny 5,6 km miala ny goudron, làlana mankany amin'ny Bassin Andrano. Monina ao Toamasina izy ary anisan'ny mpiompy karpa voalohany ao. Inona no antony nefa ny ranomasina akaiky ary be trondro ?*

**Nahoana no nisafidy hiompy karpa ao Toamasina ?**

Nanomboka tany amin'ny taona 1988 no niompianay. Nony nahita tsirony dia nanitatra ka nanandrana nanao fampanatodizana karpa izay efa ho 4 taona amin'ny 2012 ity izao no nanaovanay izany. Karazana trondro telo no misy ato aminay : ny Tilapia mena tritry, ny Tilapia malemy loha ary ny karpa. Miisa 14 eo ny dobonay amin'izao ary mirefy sahabo eo amin'ny 70m/10m – 30m/20m eo avokoa.
Raha ny karazan-trondro no resahina dia aleonay aloha karpa e ! satria anatin'ny valo volana dia ahazoana eo amin'ny 1kg eo. Sady io koa no tena be mpitady. Raha tsy mahafahana kosa dia ny Tilapia no tsara satria malaky miteraka ka ahazoana zanany maro.
Raha aminay manokana, ny fikarakarana zana-trondro no tena mety aminay. Tsy manavanana anay loatra manko itony fanomezana provandy trondro itony fa ny anay sakafo tsotra toy ny rà-kena miaraka amin'ny apombo ihany.

Raha ny famarotana indray, izahay aloha tena tsy maharaka ny filàn'ny manjifa e ! Ny trondro vaventy amidinay 8000Ar/kg. Maro mpitady satria ny anay amidy velona hany ka tian'ny olona. Sahy mifaninana amin'ny trondron-dranomasina.
Raha ny taham-bokatra kosa no jerena dia ny fikarakarana zana-trondro no mampidi-bola bebe kokoa noho ny trondro vaventy satria sady vola vetivety no betsaka mpitady ihany koa.

Momba ny tambazotran'ny mpiompy trondro eto Toamasina indray dia nisy fikambanana ara-dalàna teto taloha fa rava taty aoriana. Noho izany, tsy misy fifandraisana loatra ny mpiompy trondro eto toy ilay fomba fiteny hoe "Samy manao izay maha soasoa azy" e! Tsy misy tombontsoa iraisana intsony. Raha misy ny lalam-barotra dia mety ho azo vinavinaina ihany ilay fiarahana. Izao ary miasa irery tsy maharaka ny filàn'ny mpanjifa akory. Izany hoe ny tena irery dia efa mahalafo ny vokatra. Izay no tena anisany tsy mampaharisika ny mpiompy trondro eto hikambana sy hifampizara tombontsoa.

**Ndao hiompy trondro!**

Raha ampitahana amin'ny asa fitadiavana hafa ny asa fiompiana trondro dia hita fa mampidi-bola tokoa. Ahazoana tombom-barotra hatramin'ny 100% eo. Asa mahafinaritra ilay izy nefa mila finiavana sady mazàna mila mamahana amin'ny fomba moderna (provender) koa, izay mbola tsy vitanay aloha hatramin'izao.
Tsy dia misy loatra raha ny olana no asiana resaka satria ny fiompiana trondro tsy mitovy amin'ny fiompiana hafa izay misedra aretina.
Amiko, tena mety eto Toamasina ny fiompiana trondro satria tsy mangatsiaka be sady tsy dia tena hoe mafana be koa. Izany hoe amin'ilay tena ilain'ny trondro. Ny hafatra tiako hampitaina amin'ireo mpamaky, indrindra fa ireo avy aty amin'ny Faritra Atsinanana izany dia mamporisika sy manentana ny rehetra hirotsaka amin'ny fiompiana trondro fa mahavelona tokoa raha tena ifotorona. Tsy mila misahirana be loatra fa indraindray aza dia mitombo ho azy ao ny trondro, raha mahafahana moa dia vao maika mitombo be izy.

## LA CARPICULTURE À TAMATAVE

*Amédé est un pisciculteur de Vohitrambato, un Fokontany situé à 5,6km de la route goudronnée, en direction du Bassin Andrano. Il habite Tamatave et il y est le pionnier de la carpiculture.* Pourquoi élever de la carpe alors que la mer pleine de poisson est tout près ?

**Pourquoi choisir l'élevage de la carpe à Toamasina?**

On a commencé la pisciculture en 1988 et on y a pris goût. Voilà maintenant 4 ans que nous avons décidé de reproduire la carpe. On élève trois espèces de poissons : le Tilapia nilotica, Tilapia macrochir et la carpe commune. Nous possédons 14 étangs en tout, dont la majorité mesure entre 70m/10m et 30m/20m.
Comme espèce d'élevage, on préfère la carpe, car lors d'un cycle de 8 mois, elle peut peser jusqu'à1kg ! Ce qui veut dire que c'est un poisson bien rentable, qui de plus est très prisé des acheteurs comparé aux poissons de mer. En revanche, si vous n'avez pas la capacité de bien les nourrir, c'est mieux d'élever les Tilapias. Ils se multiplient assez rapidement, ce qui permet d'avoir beaucoup d'alevins.
Pour nous, le mieux, c'est de faire la production d'alevins. Ce dont on n'est pas vraiment capable, c'est le fait de donner de la provende aux poissons.
En ce qui concerne le marché de poisson à Toamasina, on n'arrive pas à satisfaire la demande de la clientèle. On vend les gros poissons à 8 000 Ar le kilo. Nous avons beaucoup d'acheteurs, surtout qu'on a la particularité de les vendre vivants, et ça, les gens aiment bien !
Par contre, si on regarde le rendement, les alevins rapportent plus que les gros poissons : c'est de l'argent rapide et il y a beaucoup d'intéressés. Si on évalue la production de l'année dernière, on a pu en tout vendre 10 000 alevins de carpes et 15 000 alevins de Tilapia, à environ de 200 Ar l'unité.



Site de carpiculture de monsieur Amédé

Sur les réseaux de producteurs, avant il y avait un groupement officiel, mais qui n'existe plus actuellement. La communication entre les pisciculteurs s'est dégradée et comme dit le dicton « Chacun fait ce qu'il veut ». Il n'y a plus d'intérêts communs... On pourrait notamment envisager une éventuelle collaboration si seulement il y avait des débouchés communs. Mais même en travaillant seul, on n'arrive pas à satisfaire la demande de la clientèle : on ne rencontre aucune difficulté à écouler nos produits. C'est là une des raisons qui démotive les pisciculteurs de Toamasina à se regrouper.

**Allons pour la pisciculture !**

Si on compare la pisciculture avec les autres activités génératrices de revenus, on constate que c'est la plus rentable. On peut avoir un bénéfice de 100%, voire plus ! C'est une activité très divertissante, mais qui nécessite beaucoup de convictions. Comme par exemple le fait de nourrir les poissons selon la technique moderne (provende), ce qu'on n'a toujours pas réussi à faire jusqu'à maintenant.
A vrai dire, il n'y a pas trop d'obstacle à l'élevage des poissons, car à la différence des autres élevages, il n'y a pas de maladies.
Pour moi, la pisciculture est vraiment adaptée à Toamasina, car il ne fait ni trop froid ni trop chaud. Et cela convient bien aux poissons. Le message que j'aimerais transmettre aux lecteurs, surtout ceux qui viennent de la Région Atsinanana, c'est que j'incite tout le monde à essayer la pisciculture : c'est une activité génératrice de revenu et vraiment rentable si on la fait bien. Il n'est pas nécessaire de remuer ciel et terre, car les poissons peuvent se nourrir toute seule ! Mais si vous pouviez leur donner de la nourriture, alors c'est encore mieux.

**HAUTE MATSIATRA**

## MISY FIANTRAIKANY AMIN'NY FIOMPIANA TRONDRO NY FAHASIMBANA MISY EO AMINY TONTOLO IAINANA

## LA DESTRUCTION DE L'ENVIRONNEMENT PROVOQUE DES EFFETS NÉGATIFS AU NIVEAU DE LA PISCICULTURE

*RAHANITRINIAINA Aimé Fidèle*
*Ambalapano -Fokontany Ambatolahy II,*
*Kaominina Lalazana-Distrika Fianarantsoa I*

*Mamboly vary sy miompy trondro no asa fanaon'i* RAHANITRINIAINA Aimé Fidèle *ka izany no maha-mpikambana azy ao amin'ny Kaoperativa MVPT eto Matsiatra Ambony. Nisedra olana anefa ny fiompiana tato ho ato nohon' ny tontolo iainana mihasimba. Voatentiny ara-bola ny fatiantoka ka mitaraina momba izany izy miaraka sahady amin'ny vahaolana.*

Telo taona no niompiako trondro miaraka amin'ny APDRA, efa nahazo ny fiofana mahakasika ny famokarana zanatrondro sy fanatavizana ny tenako. Tamin'ity taona 2012-2013 dia renitrondro roa no nahazoako zanatrondro miisa 16 000. Nisedra olana anefa izany satria zanatrondro miisa 7 390 no very lasan'ny rano fotsy. Diso be loatra ny orana ka vaky ny tahalaka na dia nanao fanajariana 1m amin'ny 60 sentimetatra aza ny tenako.


Aimé avec son groupe de rizipisciculteurs devant sa parcelle empoissonnée

Tsindriako eto fa zanatrondro efa voafantina natao anaty dobo vita kaomandy no very lasan'io rano io. Raha atao ny teti-bidy dia 739 000 Ar no vola very. Mampalahelo ihany koa ny mpanatavy miisa roampolo izay efa nanao ny fanajariana rehetra ompiana mandritra ny ririnina nefa ny zana-trondro tsy misy.

Ny zavatra tsapa sady hita taratra miharihary dia ny fahasimban'ny tontolo manodidina anay izay potika sy simba satria ny tanety maina, ny lohasaha zara raha misy ahitra maniry, hany ka mivarina aty amin'ny lemaka misy ny voly vary sy ny dobo misy ny trondro ny ranofotsy. Tsapanay fa tsara raha mifanome tanana mba hamboly hazo sy hamelona tatatra fanariana ranofotsy mba hiarovana ny lohasaha tsy mba hihotsaka ny mpiray tanety sy ny mpiray lohasaha.

*Mme RAHANITRINIAINA Aimé Fidèle cultive du riz et y associe le poisson, c'est pour cela qu'elle adhère à la Coopérative MVPT (riziculteur et pisciculteur) dans la Région Haute Matsiatra. Elle a rencontré des problème d'élevage ces deniers temps à cause de la dégradation de l'environnement. Elle a estimé les pertes et propose en conséquence des solutions.*

Cela fait maintenant trois ans que j'ai commencé la pisciculture avec l'APDRA, et j'ai reçu des formations sur la production d'alevins et sur le grossissement.

Pour cette campagne 2012-2013, j'ai déjà produis 16 000 alevins issus des deux géniteurs femelles, mais j'ai rencontré quelques problèmes dus à des inondations dans l'étang d'alevinage : la diguette s'est cassée, et les alevins au nombre de 7 390 ont disparus, ce qui m'a entrainé une perte de 739 000 Ar. Une vingtaine de grossisseurs qui avaient déjà aménagé leurs parcelles pour l'élevage de contre saison, n'ont pas pu empoissonner suite à cet incident. Je souligne que j'ai effectué un aménagement de diguette dont la hauteur est de 1m sur 60 centimètres de large, et qui n'a pourtant pas tenu le débit d'eau...

Nous constatons que c'est à cause de la destruction de l'environnement que ces dégâts ont eu lieu. Nous observons des « tanety » sèches en succession, avec les bassins versant nus, facilitant le ruissellement vers les rizières et l'étang. Nous sollicitons donc les propriétaires de ces aires à construire divers canaux de protection, ainsi qu'à reboiser ces bassins versants pour éviter ces effets désastreux.

VAKINANKARATRA

## BE DIA BE NY TOMBONY!

RAZAFIMANANTSOA Jean Paul
Marovano- Commune Vinany

*Eto amin'ny saham-piompian'Andriamatoa RAZAFIMANANTSOA Jean Paul (atao hoe Ra Paoly) no hitondrana antsika izao. Anisan'ireo « mpiompy trondro fitaratra » tokony hampiely ny fomba fiompiana trondro izy koa mahakasika izany indrindra izao resadresaka aminy izao.*

Raha ny dingana efa nodiavina dia maromaro ihany ny zavatra efa natao. Marihina fa talohan'ny niarahako tamin'ny APDRA dia efa mba nividy zanatrondro tamin'ireo mpampiteraka trondro aho satria nahafinaritra ahy ny niompy trondro ary efa tarigetrako hatramin'izay mihintsy.

Taty aoriana dia nihitatra ny saiko ary nifankahita tamin'ireo teknisianin'ny APDRA aho koa nisy ireo fiofanana teo amin'ny sehatra fanatavizana trondro ary teo ihany koa ny mahakasika ny fampanatodizana trondro. Teo dia nanomboka nikiry tamin'ny fiompiana trondro aho na tamin'ny fampanatodizana na tamin'ny fanatavizana. Faha telo taona anatin'io sehatra io aho ankehitriny. Hatramin'izao dia efa nisy ireo fitsirihina faritra niarahana tamin'ny APDRA nijerena izay zava-misy any amin'ireo toeram-piompian'ireo tantsaha namana tany Matsiatra Ambony Safata, Beronono d'Andoharanomaintso, Ambatomisibiby… Tsapa fa nahitana tombontsoa lehibe ny fahitana ireny satria niteraka hetaheta hanohy sy hanitatra ho an'ny tena, ny lafiny fiaraha-monina , satria ahitana vokatsoa ihany koa raha mihamaro ireo olona miompy trondro.

### Ny maha-tantsaha mpiompy fitaratra sy ny iainana izany

Arak'izany anarana izany dia tokony ho modely eo anivon'ny fiarahamonina amin'ny zavatra hataonao ianao. Noho izany dia miainga amin'izay zavatra hataonao ihany no hitarafan'ny olona ary hamporisika azy ireo hitia ilay fiompiana.

Be dia be ireo tombony ! toy ny eo amin'ny ara-tsaina dia misy faharisihina hatrany hanao zavatra tsara sy mety kokoa, ary tsy maintsy miezaka ihany koa. Amin'ny lafiny ara-barotra ihany koa dia tsapa fa miha-fantatr'olona sy maro mpizaha ny zanatrondro novokariko.

Koa satria vao tamin'ity taona ity aho vao voatondro ho tantsaha mpiompy fitaratra, dia tsy dia mbola voarefy loatra izay olana mety hiseho.

Ny zavatra ataoko ankehitriny dia miezaka ny mampivondrona ireo olona eo amin'ny fiarahamonina misy ahy. Manofana azy ireo aho ny fomba fiompiana trondro na an-tanimbary io na an- dobo. Nohon'ny fahateren'ny fotoana aza dia misy ihany koa ireo namana mifanome tanana amin'ny fanoroana ny olona ny pitsopitson'ny fiompiana trondro.

Koa satria araky ny voalazako tetsy aloha dia mahafinaritra ahy ny miompy trondro , ny hampiroborobo izany eo anivon'ny fiaraha-monina manodidina, ny Kaominina eny fa na ny Distrika aza no tena tanjona lehibe hotratrariko.

## BEAUCOUP DE BENEFICE!

*C'est dans la parcelle rizipiscicole d'un petit village nommé Marovano, Commune Rurale de Vinany, que Mr RAZAFIMANANTSOA Jean Paul (dit Ra Paoly) nous explique ce qu'est un paysan pisciculteur relais face à son rôle de diffuseur de technique piscicole*

J'ai déjà vécu plusieurs étapes : il est à noter qu'avant de connaitre l'APDRA, j'étais déjà pisciculteur. J'étais passionné par la pisciculture, et j'achetais des alevins chez les autres alevineurs pour les faire grossir dans mes rizières.

Puis en connaissant l'APDRA, j'ai reçu des formations sur le grossissement et la production d'alevins, ce qui m'a poussé à persévérer dans la pratique de la rizipisciculture. Actuellement, c'est ma troisième année dans cette activité.

Puis il y a eu des visites d'échanges organisées par l'APDRA avec les autres collègues pisciculteurs venant d'autres endroits. Cela a consisté à étudier la réalité vécue par les pisciculteurs dans la Région de la Haute Matsiatra: Safata, Beronono d'Andoharanomaintso, Ambatomisibiby…. On a constaté un apport bénéfique considérable, nous incitant par la suite à continuer et à élargir nos activités, pour nous comme pour les riverains, car le fait d'avoir beaucoup de pratiquant dans le domaine est aussi profitable.

### Comment vivre le rôle de « pisciculteur relais »?

Comme son nom l'indique, il doit être le modèle pour la société concernant son activité. C'est à partir de ce qu'on a pu réaliser que les autres prennent exemple, en les incitant à pratiquer la pisciculture.

J'ai eu beaucoup d'avantage depuis que j'ai exercé ce rôle voici trois mois maintenant ! Psychologiquement parlant, la volonté de toujours mieux faire et d'effectuer plus d'efforts. Sur le plan commercial, je constate que mes alevins deviennent de plus en plus reconnus et recherchés sur le marché.

D'éventuels problèmes ? Je ne suis paysan pisciculteur relais que depuis cette année, je n'ai donc pas encore eu l'occasion d'en affronter.

Actuellement, je m'efforce de regrouper mes riverains, de les former sur la manière de pratiquer la pisciculture en rizière ou en étang. Mais vu le manque de temps, j'ai des collègues qui me prêtent main forte pour partager l'expérience de la pisciculture.

Comme je l'ai déjà dit auparavant, la pisciculture me passionne, et le développement de la rizi-pisciculture au sein de la société, dans la Commune puis dans tout le District, est mon plus grand défi.



Les producteurs d'alevins en formation sur la sélection des géniteurs dont les pisciculteurs relais

## FIVORINY KOMITY MPITANTANA APDRA- PPMCE. SA

Nomarihina tamin'ny fivorian'ireo komity mpitantana ny fanokafana ara-pomba ofisialy ny tetikasa trondro sy ny fanjarian-tsakafo amin'ny ilany atsinanan'ny Nosy iny (PPMCE-SA) ny faha-14 febroary teo tao Toamasina. Notronin'ireo olo-manan-kaja maro tao an-toerana izany. Anisan'ny nanatrika ny lanonanana ireo Lehiben'ny Faritra roa dia ny Atsinanana sy ny Analanjirofo, ireo solotenan'ireo mpamatsy vola, ireo mpiara-miombon'antoka ao amin'ny Ministeran'ny Jono sy ny harena anaty rano ary ireo mpisehatry ny fampandrosoana maro.

Vatsian'ny Union Européenne (U.E) vola ny tetikasa, izay ao anatin'ny lohahevitra fanjarian-tsakafo. Maromaro ny kotrokery miara-misalahy manatanteraka ny tetikasa. Ao ny Faritra Atsinanana, ny Faritra Analanjirofo, ny Faritra Basse Normandie, ny Faritra Bretagne ary ny ONG Mateza. Laharam-pahamehana ho an'ny Faritra roa malagasy ireo mantsy ny mampifandrimbona ireo kotrokery samihafa miasa amin'ny fampandrosoana ny eny ambanivohitra rehefa hanatanterahana tetikasa toy itony. Hibanjina fampandrosoana maharitra eo amin'ny fiompiana trondro sy hanamafy orina ny fahaiza-manaon'ireo mpisehatra ao amin'ny Faritra no tanjon'ny tetikasa. Ho voafehin'izy ireo noho izany ny fanombanana ny tetikasa, ny famakafakana ary ny fanolorana soso-kevitra hanatsarana ny asa. Fanamaroana ny tolotra ara-tsakafo sy fantsarana ny fomba fisakafon'ny vahoaka ny tanjon'ny tetikasa. Haharitra efatra taona izany ary hisahana Distrika dimy dia i Fenoarivo Atsinanana, Soanierana Ivongo, Vavatenina, Vatomandry ary Mahanoro. Dia mirary fahazotoana ho an'ny ekipa rehetra eny an-toerana !



Un site piscicole dans la Région Atsinanana

## LA REUNION DU COMITE DE PILOTAGE APDRA-PPMCE.SA

Le lancement officiel du nouveau Projet Piscicole Madagascar Côte-Est .Sécurité Alimentaire (PPMCE-SA) était marqué par la réunion du comité de pilotage qui s'est déroulé le 14 février 2014 à la salle de réunion de la Région Atsinanana au centre ville de Toamasina. Plusieurs personnalités étaient présentes lors de cette réunion dont les deux Chefs de Régions d'Atsinanana et Analanjirofo, le représentant des bailleurs, les partenaires dont le Ministère de la Pêche et des Ressources Halieutique (MPRH) et les acteurs de développement.

Ce projet est financé par l'Union Européenne (U.E) dans le cadre du programme thématique de sécurité alimentaire, en partenariat avec la Région Atsinanana, la Région Analanjirofo, la Région Basse Normandie, la Région Bretagne et l'ONG Mateza. La concertation entre tous les acteurs du développement rural est une priorité de la politique territorial des deux Régions malgaches. Les objectifs du projet sont le développement d'une pisciculture durable et le renforcement de capacité des acteurs régionaux à évaluer, analyser et proposer des actions visant à l'amélioration de la situation alimentaire et nutritionnelle de la population. C'est un projet qui va durer (04) ans et concernera 05 districts à savoir Fénérive-Est, Soanierana Ivongo, Vavatenina, Vatomandry et Mahanoro. Bon courage aux équipes sur le terrain !

**ATSINANANA**

## TETIKASA FAMPANDROSOANA NY FIOMPIANA TRONDRO : TOMBANA 2012 ?

*APDRA*

*Mizotra miandalana ankehitriny ny tetikasa fanohanana ny fiompiana trondro ao amin'ny Faritra Atsinanana. Mampiroborobo izany fiompiana izany mba ahazoana tombony maharitra no imasoany. Ezahana hamaly ny filàn'ny mponina eny ambanivohitra ny asa sy mifanaraka tsara amin'ny tontolo ara-tsosialy sy toe-karen'ny mpamokatra. Nanomboka tamin'ny 2009 ny asa ka niandoha tamin'i Kaomina Ambanivohitr'i Fanandrana izany ary nihitatra taty amin'Antetezambaro sy Tamatave II ankehitriny.*

Nisy dingana vitsivitsy ny endrim-panohanana natao na tamin'ny lafiny ara-teknika izany na ny ara-tsosialy. Dinihana miaraka eo amin'ny teknisiana sy ny mpamokatra vonona manam-paniriana hantanteraka ny asa, ny mombamomban'ny drafi-panajariana hoatao eo amin'ny sahan-driaka tiana iompiana trondro. Matetika be velarana ny sahan-driaka. Ny taona 2012, 16 no tetikasan-dobo voajary sy an-dàlam-panajariana misala tsirairay eo amin'ny 30 ara amin'ny ankapobeny. Atao mifanakaiky eo ny dobo fanatavizana sy ny dobo fikira-kira na ho an'ny fampanatodizana izany na ny fitehirizana ny trondro. Ilaina ny velaran-tany lehibe nohon'ny fahaleovan-tena ara-janatrondro, hahazoana tombony na tsy mamahana aza. Ny sakafo hamahanana sy ny zanatrondro mantsy no anisan'ny sakana amin'ny fiompiana trondro any amin'iny Faritra ambanivohitr'Atsinanana iny. Ampaherezina noho izany ny fiompiana trondro samihafa karazana mba hifameno ara-tsakafo.

Tamin'ny taona 2012 ihany ohatra dia nampiarahana ny fiompiana ny karpa (Carpe Commune)sy ny tilapia (Tilapia nilotica) lahy ary trondro mpihaza. Ilaina ity farany eo amin'ny fifehezana ny fananahana diso tafahoatra ao anaty dobo fanatavizana. Ny Paratilapia sp. izao no efa hita fa mpihaza mahavita ny andraikiny araka ny ilana azy. Eo amin'ny 370kg/ha isan-taona ny vokatra trondro azo tao Fanandrana, tsy mamahana sady tsy manamasaka. Manampy ireo trondro ompiana ireo amin'ny troitisy indray ny tanjona ho an'ny taona 2013. Any Mahajanga no tena ahitana azy io. Irina ho 500kg/ha isan-taona ny vokatra amin'izay. Mifanindran-dàlana amin'izay ny fikarohan'ny tetikasa karazan-trondro ao Atsinanana afaka miaraka amin'ireo hita fa efa mahay miaraka mba hahafahana mitrandraka tanteraka ny sakafo voajanahary ao anaty dobo iompiana.
Tsara kokoa manomboka eto raha mpiompy mivondrona no hiasan'ny tetikasa mba hahamora ny fifandrimbonana amin'ny hoenti-manana sy ny fanatanterahana ny asa na dia ny fifanakalozana ny fitaovana iraisana, ny fahaiza-manao sy ny traikefa. Tsapa mantsy fa mampaharitra sy mora mampandroso ny asa ny fisian'ny firaisan-kinan'ny mpamokatra manodidina ny fiompiana trondro.

## LE PROJET PISCICOLE ATSINANANA : BILAN EN 2012

*Le projet d'appui au développement de la pisciculture paysanne en Région Atsinanana initie le développement d'une pisciculture rentable et durable répondant aux aspirations des populations rurales et s'intégrant dans l'environnement socio-économique des exploitations paysannes. Son intervention a débuté en 2009 avec la Commune Rurale pilote de Fanandrana et s'étend aujourd'hui à Antetezambaro et Tamatave II.*

Le projet consiste en l'accompagnement d'un processus d'innovation technique et sociale de la pisciculture. Les Animateurs Conseillers Piscicoles conçoivent avec les paysans des aménagements de piscicultures dans les bas-fonds de grandes surfaces, comme outils de production et de valorisation du foncier. En 2012, 16 projets d'étangs ont été conçus avec une surface moyenne de 30 ares. A côté de ces étangs de grossissement sont construits des étangs de services utilisés pour la reproduction et le stockage des poissons. Ces grandes surfaces garantissent une production rentable sans aliment et l'autonomie en alevins, deux intrants peu disponibles dans les zones rurales de la région. L'élevage proposé est la polyculture de plusieurs espèces complémentaires. En 2012, les cycles de production étaient composés de carpes communes et tilapia du Nil mâle associés à un prédateur. Il sert au contrôle des reproductions indésirables dans les étangs de grossissement. L'espèce identifiée et testée est le Paratilapia SP. Le rendement obtenu par un pisciculteur de Fanandrana s'élève à plus de 370 kg/ha/an sans aucun apport d'aliment ni fertilisant. L'objectif en 2013 est d'ajouter à cette polyculture l'hétérotis, très présent vers Majunga, pour atteindre un rendement minimum de 500kg/ha/an. Le projet mène en parallèle des recherches sur des espèces locales pouvant être intégrées et valorisant d'autres éléments de l'écosystème de l'étang.



**Pêche de contrôle chez Madame Baovola, Fanandrana août 2012**

Le projet appuie des pisciculteurs qui se rassemblent pour faciliter leur investissement et la conduite de leur activité par le mise en commun de matériel, compétentes et expériences. Cette dimension sociale de la pisciculture est la garante de la pérennité et du développement de cette activité.

**HAUTE MATSIATRA**

## FANATSARANA TOHA-DRANO HAMPITOMBOANA NY VOKATRA : MISOKATRA NY VARAVARAN'NY CSA

*RAKOTONIAINA Tahina Fabien*
*Mpandrindra ny CSA SOATOAVINA ISANDRA*

*Tamin'ny taona 2011 no natomboka ny fanarenana tohadrano ao Amparihilava, Ampaly Fokontany Soanierana, Kaominina Ankarinarivo Manirisoa izay ao amin'ny Distrika Isandra, Faritra Matsiatra Ambony. Ny taona 2012 kosa no natao ny fandraisana tanteraka ny fotodrafitr'asa rehefa hita fa tsy misy intsony ny lesoka mikasika ny asa natao'ny Mpiantok'asa. Ny fikambanana fototry ny Kaoperativa MVPT Mahavanona na "Mpamboly Vary sy mPiompy Trondro" no nangataka ny tetik'asa teo anivon'ny CSA SOATOAVINA ISANDRA ary misolo tena ireo fokonolona mpahazo tombontsoa ka ny FRDA kosa no namatsy vola ny fanarenana.*

Mahatondraka tanimbary 525 Ha io toha-drano io ankehitriny, raha vita tsara ny lalan-drano anjara andraikitry ny mpahazo tombotsoa mivantana miisa 250 sy 85 ankolaka, ho an'ny tanàna 8 raha ny antsasany ihany no nahazo rano talohan'ny fanarenana. Efa nisy namokarana vary amin'ireo toerana ireo saingy mbola misy folahina sy itarina. Nitsangana ny tambazotran'ny mpampiasa rano ao Ampaly mba hifehezana tsara ny fitantanana azy sy hanatrarana ny tanjon'ireo mpahazo tombontsoa amin' ny fampitomboana ny voka-bary, ny fanitarana ny asa atao amin'ny alalan'ny fambolena legioma sy ny fiompiana trondro .

Hisy noho izany ireo tetik'asa maromaro izay ho tanterahina ao antoerana ka hiaraha-miasa amin'ireo mpiara-miombon'antoka isankarazany mba hanatrarana ny tanjona amin'ny fampitomboana ny vokatra sy ny fanatsarana ny fari-piainan'ny mponina. Anisan'izany ny fidinana teny an-toerana niarahan'ny Talem-paritry ny Jono sy ny harena anaty rano (DRPRH), ny CSA, ny APDRA ary ny MVPT mba hijerena ifotony ny fanohanana ara-tekinika hifanaraka amin'ny filan'ireo mpahazo tombontsoa. Ny FRDA sy ny AROPA no mpamatsy vola amin'ireo seham-pihariana telo voalaza ireo.
Koa dia mamporisika hatrany ny MVPT sy ny mponina ao amin'ny Fokontany Soanierana mba hanana risim-po amin'ny fanatsarana sy fanitarana ny famokarana ary sanatria tsy ho izy ireo indray no ho "lavo omen-tehigna". Ny CSA SOATOAVINA ISANDRA dia vonona hatrany hanampy azy ireo amin'ny fitadiavana tohana sy mpiara-miombon'antoka.

## REHABILITATION D'UN BARRAGE POUR AUGMENTER LES PRODUITS : LE CSA OUVRE SES PORTES

*La réhabilitation du barrage d'Amparihilava, Ampaly Fokontany Soanierana, commune rurale d'Ankarinarivo Manirisoa, district d'Isandra, a débutée en 2011 et s'est terminée en 2012. La Coopérative de base MVPT : Mahavanona ou Mpamboly vary sy mPiompy Trondro (rizicultuur et pisciculteur), en tant que représentante des villageois, est la titulaire de cette demande déposée au niveau du CSA SOATOAVINA Isandra Haute Matsiatra et appuyée financièrement par le FRDA.*

Ce barrage doit irriguer 525 Ha de rizières réparties sur huit villages. C'était la moitié seulement avant la réhabilitation, et cette surface produisaient déjà du riz auparavant. Maintenant, 270 Ha supplémentaires sont en train d'être étendus et exploités. L'association des usagers de l'eau à Ampaly s'est créée afin de bien maîtriser sa gestion et d'atteindre l'objectif de ces bénéficiaires, qui est l'acroissement de la production en riz et l'extension de l'activité par le biais de la culture maraîchère et de la pisciculture. La condition étant que les bénéficiares directs, au nombre de 250, et les 85 bénéficiaires indirects doivent entretenir conjointement et correctement les canaux d'irrigation.

Divers projets multi-acteurs seront mis en place pour aboutir ces objectifs et pour faire progresser le revenu de la population locale. La descente commune de la DRPRH de la Haute Matsiatra, le CSA, l'APDRA et la coopérative MVPT est l'un de ces projets. Cette visite de terrain a pour but de diagnostiquer la technique la mieux appropriée en répondant à la demande des acteurs paysans. Le FRDA et l' AROPA seront les financeurs de ces activités.
Le CSA encourage la Coopérative de base MVPT et la population du Fokontany Soanierana à la renovation et à l'intensification agricole, pour que l'appui donné ne tombe pas à l'eau ! Le CSA SOATOAVINA ISANDRA est toujours disponible pour les aider dans la recherche d'appui et de partenaires.

**Coordonnateur du CSA Soatoavina Isandra**






Prévention et Sécurisation Nutritionnelle
ONN/ORN/PSN/ALMAN

## ALAOTRA MANGORO

# NIFANOJO NY TOLOTRA SY NY TINADY
# LES OFFRES ET DEMANDES COINCIDENT

*ORN Alaotra Mangoro*

Ny ONN dia fandaharan'asa iray izay miezaka ny manatsara ny fari – piainan'ireo fianakaviana marefo sy ny tontolo iainany. Ao anatin'izany ny PSN izay miandraikitra manokana ny fanatsarana sy fampitomboana ny vokatr'ireo mpahazo tombotsoa, ireo marefo ara – pivelona sy ara – tsakafo, amin'ny alalan'ny fanamboarana na fantsarana ireo foto – drafitr'asa madinika, miompana indrindra amin'ny fambolena sy fiompiana. Ka loha-laharana amin'izany ireo manana tahan'ny tsy fahampian-danja ambony indrindra (Taux d'insuffisance pondérale élevé) ary miasa amin'ireo Kaominina Ambanivohitra marefo noho ny loza voajanahary (rivo-doza, hain-tany,………)

Ny Kaominina Ambohibary, Distrikan'i Moramanga dia anisan'ireo nahazo tombontsoa tamin'iny taona 2012 iny, tamin'ny fikarakarana dobo – trondro namboarina/sy nasiam-panavoazana izay manana habe 1072m2 ho an'ny Fokontany Ambohitrakanga ary 340m2 ho an'ny Fokontany Ankarahara « Ambodivato », ao anatin'ny Faritra Alaotra Mangoro.Natolotra tamin'ny fomba ofisialy ny fotodrafitr'asa voajary ny volana janoary 2013 teo ka ny Ben'ny tananan'Ambohibary no nandray izany amin'ny anaran'ireo mpahazo tombotsoa.

### Vokatra andrasana

Ireo foto – drafitr'asa ireo moa no tanteraka, dia noho ny fisian'ny fiaraha – miombon'antoky ny ONN/ORN tamin'ny Foibem – paritry ny Jono, ny OMEF izay nanome fiofanana sy fifehezana ara – teknika ireo mpahazo tombo – tsoa, ny APDRA namatsy sy nikarakara ireo zana – trondro, ary ny tetik'asa Ambatovy nanohana ara – bola. Anjaran'ny kaominina sy ireo fokontany mahazo tombotsoa kosa no manentana ireo vahoaka sy manara – maso ny fikojakojana ireo foto – drafotr'asa. Arak'izany ary dia tao anatin'ny 30 andro avy no nanatontosana ireo foto – drafitr'asa ireo, izay natao asa tana-maro, ka 30 ireo tokatrano mahazo tombotsoa ao amin'ny fokontany Ambohitrakanga raha 9 kosa ho an'ny fokontany Ankarahara « Ambodivato ».

Raha 10 g ny lanjan' ny zana – trondro narotsaka, dia heverina sy vinavinaina ho mihoatra ny 300g kosa ny vokatra afaka 5 volana eo ho eo ; ary raha manaraka sy mahafehy tsara ny teknika, dia afaka fiompiana in – droa isan –taona raha zohina amin'io fe – potoana io. Karazana zanan-trondro : karpa Kollar miisa 1412.

L'Office National de la Nutrition (ONN) est un programme qui vise à améliorer les conditions nutritionnelles des familles vulnérables et leur environnement. Dans ce cadre, le PSN aide et organise les communautés vulnérables à développer les mécanismes de leur survie face à l'insécurité alimentaire et à la malnutrition. Cette politique prévoie un certain nombre d'axes d'interventions très opportunes visant à réduire les problèmes nutritionnels et alimentaires, tel que la mise en place et/ou l'amélioration des petites infrastructures. L'appui est prioritaire pour les bénéficiaires présentant un taux d'insuffisance pondérale élevé habitant les Communes rurales souvent victimes d'aléas climatiques (cyclone, sècheresse, …)

L'année 2012, la Commune d'Ambohibary, District de Moramanga a bénéficié de cet appui. Des étangs de 1072 m2 ont été aménagés dans le Fokontany d'Ambohitrakanga et de 340m2 pour celui d'Ankarahara « Ambodivato », Région Alaotra Mangoro. L'aménagement a été réceptionné de manière officielle en janvier 2013 en présence du maire d'Ambohibary et au nom des bénéficiaires, en même temps que l'empoissonnement des 1412 alevins de carpes de type kollar.

### Résultat attendu

Ce projet d'aménagement a été réalisé grâce aux partenariats de l'ONN/ORN avec la Direction Régionale de la pêche et des ressources halieutiques, l'OMEF qui a assuré la formation technique des bénéficiaires, l'APDRA dans l'approvisionnement en alevins et le projet d'Ambatovy pour l'appui financier. Aux Communes ainsi que les Fokontany bénéficiaires à présent d'assurer les animations des riverains et de veiller à l'entretien de ces aménagements. Si les étangs ont été aménagés chacun sur 30 jours en système « vivre contre travail », 30 familles espèrent en tirer profit dans la gestion de l'étang piscicole pour le Fokontany d'Ambohitrakanga. Et 9 familles pour celui d'Ankarahara Ambodivato. Empoissonnés à 10 g, le poids souhaité d'un poisson serait supérieur à 300g après 5 mois d'élevage. Si la pratique d'élevage est maîtrisée, il est possible d'envisager deux cycles de production dans une campagne piscicole.




Fandrotsahana ny zana-trondro sy fanaovan-tsonia ny fifanaraham-piarahamiasa eo amin'ireo mpisehatra



**VAKINANKARATRA**

## FIKAROHANA MOMBAN'NY FITADIAVANA TRONDRO MPIHAZA TILAPIA MADINIKA (prédateur) MBA HAHAZOANA TILAPIA VAVENTY AMIN'NY FIOMPIANA ANIVONTANY MALAGASY

***APDRA***

Rehefa miompy tilapia dia sarotra ny mahazo azy ireny vaventy any amin'ny faritra afovoantanin'I Madagasikara. Raha tokony hahazo izay habe andrasana dia ny trondro kely mitovy amin'ny atsasaky ny felatanana indray no maro an-toerana. Ny tsy fahampian'ny hafanana hitomboany sy ny fahalakian'ny fananahana matetika loatra mantsy no mahatonga izany. Mikasika izay idrindra, hitantsika tamin'ny LVRP laharana faha- 19 sy ny « spécial fisy teknika » fa ny Tilapia nilotica no karazana tilapia tsara fiompy. Efa niantomboka àry izao ny fikarohana momba ny fitadiavana vahaolana iezahana hahitana karazan-trondro afaka mifehy ny isan'ny tilapia nilotica ao an-toerana ka tsy haha-kiritika ny vokatra ho azo. Fikarohana mandritra ny enim-bolana no atao izay tohanan'ny FRDA ara-bola. Manana tanjona izany ny hampitombo mazava ny haben'ny Tilapia nilotica hahafa-po ny mpiompy sy ny mpihaza mankafy izany.
Trondro mpihaza trondro (prédateur) no anaovana fanandramana ao anatin'ny drafi-pikarohana : ny black bass sy ny Marakely. Azo lazaina fa trondro mpihaza trondro mahafa-po izy raha voatana ny isan'ny trondro Tilapia nilotica ilaina ao an-toeram-piompiana.

**NY DRAFI-PIKAROHANA**

Drafi-pikarohana telo no azo atao : ny fahafahana mihinana ny trondro tsy ilaina, ny isan'ny trondro tiana ompiana ao an-toerana ary ny tokony ho haben'ny trondro mpihaza. Mialohan'ny filàna hamaritana ny isa sahaza tokony ompiana sy ny habe ilaina eo amin'ny trondro mphinana ireo rondro tsy ilaina dia mila manamarina tokoa fa tena trodro mpihaza trondro tokoa ny marakely na ny Black bass na dia efa taratra ihany aza izany ao anaty akariôma. Misary toy izao noho izany ny dingana voalohany :

**I. Fikarohana momba ny maha-trondro mpihaza trondro tsy ilaina**

Dobom-pikarohana telo no asiana trondro: dobo misy Tilapia nilotica sy marakely na black bass averina in-droa (B1 sy B2) ary dobo vavolombelona iray (T) tsisy marakely, amin'ny taha mitovy, izany hoe marakely na black bass iray amin'ny tilapia lahy 10 (ny habe sy ny lanja mitovy). Io no taha nampiharina satria izay no fanao miaraka amin'ny trondro mpihaza trondro tsy ilaina atao hoe Hémichromis.
Averina in-4 ity drafi-pikarohana momban'ny fahafantarana mazava ny maha-trondro mpihaza trondro azy.

**II. Fikarohana momba ny isan'ny trondro mpihaza trondro tsy ilaina tokony ampiasaina**

Rehefa hita sy voamarina fa tena trondro mpihaza trondro tsy ilaina tokoa ny marakely na ny balack bass dia azo ovaovana ny tahan'ny Tilapia nilotica sy izay trondro fa hita fa mahatanteraka kokoa ny asa maha-mpihaza trondro (prédateur) azy. Ohatra :
Amin'ny dobo fikarohana efatra no asiana : vaolombelona (T) tsy misy trondro mpihaza sy tahany telo eo amin'ny trondro mpihaza sy tilapia nilotica samy hafa : 1/5 ao amin'ny B1, 1/10 ao amin'ny B3 sy 1/20 ao amin'ny B2, miaraka amin'ny habe sy ny lanja. Mitovy averina intelo izany.
Ny toeram-pikarohana sasany atao ao Andranobe Antsirabe ary ny hafa any amin'ny mpamokatra amin'ny faritra andrefana kokoa.

## RECHERCHE D'UN PREDATEUR POUR L'ELEVAGE DE TILAPIA SUR LES HAUTS PLATEAUX MALGACHES

Elever du tilapia sur les Hauts Plateaux malgaches est reconnu difficile par les producteurs, surtout pour la production de poisson atteignant une taille marchande conséquente. Au lieu d'avoir la taille souhaitée, ce sont de nombreux petits poissons qui envahissent la parcelle d'élevage. L'exigence en température et la forte prolifération constituent la principale source de blocage à leur croissance, outre la variété élevée. A ce sujet, nous avons vu dans les précédents numéros de la LVRP que le Tilapia nilotica est l'espèce recommandée pour l'élevage. Avec l'appui financier de la FRDA, un protocole de recherche est mis en œuvre afin de trouver un prédateur capable de gérer la population d'élevage. Il s'agit d'une expérimentation de six mois qui a pour objectif d'augmenter de manière significative la croissance des Tilapia nilotica en faveur des producteurs ainsi que les consommateurs.
Deux prédateurs potentiels vont être testés dans ce protocole : le Black bass et le Paratilapia sp. (Marakely). La prédation souhaitée sert à conserver de bonnes conditions de densités du Tilapia nilotica.

**PROTOCOLES D'EXPERIMENTATION**

Trois protocoles possibles ont été présentés : prédation, densité et taille du prédateur. Avant d'affiner la densité et la taille des prédateurs, il est indispensable de confirmer le caractère de prédation de ces poissons, même si les premières observations en aquarium tendent à confirmer cette hypothèse. La première expérimentation se déroulera donc ainsi :

**I. Recherche sur le caractère prédation**

Trois bassins d'expérimentation seront empoissonnés: deux répétitions (B1 et B2) et un témoin (T) sans prédateur, avec une proportion tilapias/prédateurs identiques, à savoir 1 prédateur (taille et poids identique) pour 10 tilapias sexés. Cette proportion est choisie car c'est celle qui est appliquée pour l'Hémichromis dans les systèmes diffusés dans les autres pays.
Ce protocole sur la prédation sera répété 4 fois : une fois dans une station expérimentale et trois fois chez les paysans partenaires identifiés dans le Moyen Ouest.

**II. Recherche sur la proportion de prédateur à empoissonner**

Une fois le caractère « prédateur » confirmé ou infirmé, des variations de proportion prédateurs/poissons élevés pourront être opérées, comme par exemple :
Quatre bassins d'expérimentations : Un témoin (T) sans prédateur et trois proportions prédateur/tilapias différentes : 1/5 dans B1, 1/10 dans B3 et 1/20 dans B2, avec une taille/poids de prédateurs identique
Là encore, une expérimentation aura lieu dans une station piscicole, et 3 réplicats seront installés chez les paysans partenaires identifiés dans le Moyen Ouest.

AMORON'I MANIA

## VITA HATREO NY HONOHONO

*Andry*
*Pisciculteur*

Andry no anarako, 24 taona aho izao, manam-bady ary manana zaza iray. Anisan'ny fiompiana tena nahaliana ahy hatramin'ny fony mbola kely mihitsy ity fiompiana trondro ity. Nefa na dia izany aza dia vao 12 taona aho hatramin'izao no tena nanao itony fiompiana karpa royal itony fa ny tao alohan'izany dia mbola marakely sy baraoa ihany. Tamin'ny fotoana niandohan'ny fiompiana karpa royal tany aminay aloha tsy mbola nanantena izany hoe hampiteraka renintrondro izany izahay noho ilay tenin'ny mpivarotra hoe: "tsy manatody aty mihintsy hono ny karpa royal raha tsy misy ilay bozaka avy any Toamasina". Kay tena zavatra tsy marina fa fitiavan-tenan'izy mpivarotra kay no nilazany hafetsena taminay. Fa Idadatoanay atao hoe: "Dadapasy" izay nanao tahiry tamin'ilay karpa no tena nahaliana mihintsy ny fitombony ary tena vaventy. Inona ary no zavatra niseho tamin'izay hoy ianao? Fa tena gaga mihintsy izahay tato Amboropotsin'I Soavina fa hay mety manatody ihany ilay trondro. Lainga ny hoe tsy maintsy mila bozaka avy any Taomasina.

Hatramin'io fotoana izay nahitana fa mety manatody aty ilay karpa dia tsy mbola nijanona nanao fampiterahana trondro aloha ny tenako. Nefa kosa na dia manana renintrondro 5 na 6 dia tsy mbola namoaka zanatrondro mihaotra ny 9 000 isa ny tenako noho ilay tsy fisian'ny toro-làlana amin'ny fiompiana. Io trondro ampiterahana hatramin'izay dia misy manatody indroa (2) na in-telo (3) nefa dia tsy afaka mankaiza ihany ny zana-trondro dia lany.

Fa ny zavatra tena nahagaga dia tena misy ny fitiavan'Andriamanitra. Fa amin'izao fotoana izao dia tafiditra aty amin'ny faritra misy anay ny sahanasan'ireo APDRA, izay nitondra fanavaozana lehibe amin'ny fiompiana trondro. Nahazo fiofanana maimaimpoana izay tsy andoavam-bola izahay. Ny zavatra rehetra momba ny fiompiana trondro dia voaray avokoa. Ary hita taratra fa tena tsara sady nahafinaritra, no mahaliana ny toro-hevitra sy teknika nomen'ireo teknisiana ao amin'ny APDRA ireo.

Ry tantsaha namako andeha ary isika hiroso lalina kokoa amin'ny fiompiana trondro fa sady sakafo ny trondro no loharanom-bola matanjaka.




## LA RUMEUR S'EST ETEINTE

Je m'appelle Andry, j'ai 24 ans, je suis marié et père d'un enfant. La pisciculture fait partie des activités qui m'intéressent depuis mon enfance. Cela fait 12 ans maintenant que j'ai fait l'élevage de la carpe royale, et j'élevais avant les Marakely et les Baraoa. Nous n'avons pas pensé à faire la reproduction de la carpe au début, car les vendeurs d'alevins nous affirmaient égoïstement que « la carpe ne se reproduise jamais localement, sauf s'il y a l'herbe de Toamasina ». Mais mon oncle, dit Dadapasy, a conservé une souche de carpe qui est intéressante et qui grossit vite. Et vous savez ce qu'il c'est passé ensuite ? Nous, les gens d'Amboropotsin'i Soavina, nous nous sommes étonnés de constater que les poissons se sont reproduits, et cela sans les herbes de Toamasina.

Depuis ce jour où nous avons su que les carpes pouvaient se reproduire localement, je ne me suis pas arrêté de faire leur reproduction. Mais même avec mes 5 à 6 géniteurs femelles, je n'arrive toujours pas à produire plus de 9000 alevins, à cause de l'insuffisance d'un appui technique dans le domaine. Les géniteurs que j'utilise se sont déjà reproduits 2 à 3 fois, mais les alevins ne vont pas bien loin...tout est vendu sur place. Heureusement, l'APDRA est actuellement chez nous et amène de l'évolution dans la pisciculture. Nous avons eu des formations gratuites sur tout ce qui concerne la pisciculture. Nous avons constaté que les formations et l'appui des techniciens sont très intéressants. Mes chers amis paysans, allons plus profond dans la pratique de la pisciculture, et on aura de la nourriture et aussi des sources de revenu bénéfiques !

VAKINANKARATRA

## ZAHATRA SY ONJA MAHERY

## DIFFICULTES AFFRONTEES

*Razanadravelo Jean Gorattie et Ranaivomanantsoa Jean de Dieu*
*Rizipisciculteurs*

Nisedra onjan-drano
Ny fiara-tsambonay
Tsy mampiondrika tazamo
Fa mampitraka fehizay

Ny tetikasanay tsy horava
Tena ao am-po fa tsy am-bava
Ny mpisompatra no noana
Bararanta gara goana

Tsy hantahoranay ny ankaso
Eny tsy ataonay andranomaso
Fa ny fiofanana azonay
Tsy voahalatrao mandrakizay

Ny fiompiana ririnina
Dia azonay banjinina
Na maro aza ny hasomparana
Ny tetikasa tsy hifarana

Tsy milofika mihintsy
Na ho kivy izahay, fa sahy!
Ilay vitana mitsiky
Tsy avelanay hivaha

Ny fahakivina halaviro
Ny fivononana ifikiro
Fa ny tanjona ho kendrena
Mbola hivoaka fandresena

Misaotra anao ry APDRA
Izay nanampy amin'ny tekinika
Ny fanambinay tantsaha
Dia ilay tetikasantsika

Malgré les vagues avérées,
Notre pirogue a pu arriver
Cela ne nous a pas fait reculer
Au contraire, cette épreuve nous a donné plus de sûreté

Nous n'abandonnerons pas nos projets !
Ce sont de vraies paroles assumées
Les saboteurs resteront bouche bée
A l'image de bambous vidés

Nous ne craignons pas les gaffes
Et nous ne versons aucune larme,
Même si parfois c'est comme des baffes
Les formations que nous avons reçues sont nos armes

Dès maintenant nous y pensons
A l'élevage de contre saison
Et qu'il y ait des sabotages ou non,
Nos projets s'achèveront

On restera fort
Osons, il ne faut pas se décourager,
Mettons toutes les chances de notre côté encore et encore
Pour que rien ne puisse nous échapper

Ayez de courage !
Il ne suffit pas d'espérer mais d'y croire
Et tout objectif devient ainsi victoire



Pour finir ce poème là,
Nous remercions l'APDRA
Pour ses conseils et ses appuis techniques
Notre défi reste, en dépit de tout,
De produire des poissons, et beaucoup !

NY FEON'NY MPIOMPY TRONDRO

**Talen'ny fanoratana (Directeur de la rédaction) :**
Marc Oswald

**Tonia (Rédacteur en chef) :**
Rabarijaona Tsirihasina

**Mpanoratra (Rédacteurs) :**
Tantsaha (Les pisciculteurs)
Mpiara-miombon'antoka (Les partenaires- organismes)
APDRA antenne Madagascar

**Sary (Photos) :**
APDRA antenne Madagascar

**Fanitsiana sy dika teny (Correction et traduction) :**
APDRA Antenne Madagascar

APDRA PISCICULTURE PAYSANNE

*Fiompiana trondro Miaraka amin'ny tantsaha*

**APDRA**
**Pisciculture paysanne**
**Antenne Madagascar**
**La Résidence sociale**
**Antsirabe-MADAGASCAR**
**Tel : (261) (20) 44 489 89**
**lvrp@apdra.org**